Suivi Citoyen par les OSC de la transparence et la Redevabilité de l'Education

**RIJANTENY FOTOTRA**
**MPIROTSAKA AN-TSITRAPO EO ANIVON'NY DISTRIKA**
**SEHATRA FANABEAZANA FOTOTRA**

## 1. Fampidirana

Isan'ny olana atrehan'ny fanabeazana eny anivon'ny sekolim-panjakana, ny tsy fahampian'ny entimanana indrindra ny tohana ara-bola (caisse école) ataon'ny fanjakana, entina hanatsarana ny fanabeazana eny ifotony. Vao maika manampy trotraka izany ny fahataran'ny tohana, ny kolikoly sy ny fanodinkodinam-bola. Isan'ny mampahazo vahana ireto farany, ny tsy fahampian'ny fizohiana sy ny fanaraha-maso ka ny ray aman-drenin'ny mpianatra no lasibatra voalohany amin'ny fanefana ny fandaniana. Manoloana izany dia miatrika olana amin'ny fampianarana ny zanany ny tokantrano, indrindra ireo vondrona marefo, toy ny ankizivavy, ankizy anaty fahantranalalina ary ireo manana fahasembanana.

Ny Tetikasa SCORE II (Suivi-Citoyen par les OSC de la Transparence et la Redevabilité dans l'Éducation), dia mikendry ny fampandraisana anjara ny olom-pirenena amin'ny fanaraha-maso ny fangaraharana sy ny fampiasam-bola mba hisian'ny fanabeazana fototra tsara kalitao ho an'ny ankizy (na ankizilahy na ankizivavy), indrindra ho an'ireo ankizy marefo,

Ny taona 2021 no nanombohan'ny fanarahamaso (suivi-observation) ny fanabeazana nataon'ireo olom-pirenena sy OSC teny anivon'ny Faritra 7 izay iasan'ny tetikasa SCORE eto Madagasikara. Ho fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana eto Madagasikara dia misokatra amin'ireo Faritra 23 izany fizohiana sy fanaraha-maso ny fanabeazana izany. Izany indrindra no iantsoana ireo mpilatsaka antsitrapo antsoina hoe "Tompon'Andraikitra eny anivon'ny Distrika" (TAD) "Responsables Suivi Observation au niveau District" (RSOD)", anton'izao rijan-teny fototra izao.

## 2. Tanjon'ny TAD

Ny TAD dia mikendry indrindra ny fanatsarana ny mangarahara sy tamberin'andraikitra ary ny kalitaon'ny tolotry ny fanabeazana fototra.

Mba hanatrarana izany dia hanatanteraka fizohiana sy fanarahamaso mifantoka indrindra amin'ny fampiharana ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra ary ny fampiatiana amin'ny sehatry ny fanabeazana eny anivon'ny distrika sy kaominina misy azy avy ny TAD.

## 3. Vokatra andrasana amin'ny TAD

Ireto avy no andrasina amin'ny TAD:

- Mahafantatra momba ny tetikasa SCORE ny tomponandraikitra eny amin'ny ratsamangaikan'ny MEN sy sekoly hanaovana ny fizohiana sy ny fanarahamaso
- Feno sy tsara kalitao ny antotan-kevitra nangonina teny amin'ny ratsamangaikan'ny MEN sy sekoly efatra (04) teo anivon'ny distrika niasany

- Voampita avy hatrany amin'ny alalan'ny SMS eny anivon'ny sehatra nasionaly ny vokatra azo tamin'ny fizohiana sy ny fanarahamaso

## 4. Ny fotoana iasan'ny TAD

Aorian'ny fiofanana izay atao dia manana iray volana ny TAD hanaovana ny fizohiana sy fanaraha-maso eny anivon'ny ratsamangaikan'ny MEN sy ireo sekoly (04) voafidy mialoha hanaovana izany.

## 5. Ny andraikitry ny TAD

Ireto avy ny andraikitra iantsorohan'ny TAD amin'izany:

- Mampahafantatra mialoha ny tetikasa SCORE II amin'ireo tompon'andraikitra eny amin'ny ratsamangaikan'ny MEN sy ny sekoly (FEFFI sy ireo mpisehatra amin'ny fanabeazana eny ifotony)
- Manangona ireo antotan-kevitra sy antotan'isa momba ny mangarahara sy ny tamberinandraikitra ary ny kalitaon'ny fanabeazana, indrindra ny fahafahan'ireo ankizy marefo (zazalahy sy zazavavy), ireo tena sahirana ary ireo manana fahasembanana misitraka fanabeazana ara-kalitao.
- Mandefa avy hatrany ny antotan-kevitra sy antotan'isa voaangona any amin'ny ekipa nasionaly amin'ny alalan'ny SMS.
- Mandefa ny fisy feno tsara any amin'ny ekipa nasionaly araka ny fandaminana omena mandritra ny fiofanana.

## 6. Fepetra takiana ho an' ireo vonona hirotsaka antsitrapo ho TAD

Ny TAD dia **mpirotsaka an-tsitrapo**, mahafeno ireto fepetra ireto :

- Mpikambana mavitrika anaty fikambanana ary atolotry ny fikambanana nihaviany ary vonona hirotsaka an-tsitrapo amin'ny asa ho fanatsarana ny fanabeazana fototra.
- Mahafantatra tsara ny tontolon'ny fanabeazana eny anivon'ny faritra misy azy. Marihina anefa fa tsy mpampianatra na mpiandraikitra eny anivon'ny sekolim-panjakana na ny ratsamangaikan'ny Ministeran'ny fampianarana
- Manana traikefa amin'ny fanaovana fizohiana sy fanarahamaso na observation tamin'ny sehatra sammihafa toy ny fifidianana, ny fanamafisana ny fandriam-pahalemana, …
- Manana traikefa amin'ny fanaovana fanadihadihana na collecte des données
- Mahafehy ny teknilojia toy ny fandefasana sms, facebook, e-mail …
- Mipetraka ao amin'ny renivohitry ny distrika izay voakasiky ny fiantsoana
- Farafahakeliny nahavita fianarana hatrany amin'ny kilasy famaranana .
- Manana fitondran-tena mendrika ary afaka mifandray tsara amin'ny mpisehatry ny fanabeazana eny anivon'ny distrika sy ny kaomina.
- Olona afaka hiatrika fiofanana (formation présentielle) araka ny fandaminan'ny tetikasa SCORE

**Fanamarihana**

- Amporisihina ny firotsahan'ny vehivavy sy ny tanora latsaky ny 35 taona
- Amporisihana ny fandraisan'anjaran'ireo mpikambana anaty FEFFI
- Tsy afaka mandray anjara ireo mpikambana anatin'ny antoko politika

## 6 Ny toerana iasan'ny TAD

Miisa 48 ireo distrika vaovao voakasiky ny fizohiana sy fanarahamaso ataon'ny TAD araka ny tabilao eto ambany. Kaominina 02 isaky ny distrika no voakasika amin'izany: Kaominina renivohitry ny distrika (chef lieu de district) sy kaominina iray fidiana mandritra ny fiofanana. Ny tabilao eto ambany dia maneho ny distrika iasana

| FARITRA | DISTRIKA |
|---|---|
| ANALAMANGA | Andramasina<br>Ankazobe<br>Antananarivo renivohitra<br>Manjakandriana |
| ALAOTRA-MANGORO | Ambatondrazaka<br>Amparafaravola<br>Moramanga |
| AMORON'I MANIA | Ambositra<br>Ambatofiandrahana<br>Fandriana |
| ANALANJIROFO | Fenerive Est<br>Vavatenina<br>Soanierana Ivongo |
| ATSIMO-ATSINANANA | Farafangana<br>Vangaindrano |
| ATSINANANA | Brickaville<br>Mahanoro<br>Toamasina I<br>Vatomandry |
| IHOROMBE | Ihosy |
| ITASY | Arivonimamo<br>Soavinandriana<br>Miarinarivo |
| MELAKY | Maintirano |

| FARITRA | DISTRIKA |
|---|---|
| SOFIA | Antsohihy<br>Mampikony<br>Port Bergé |
| VAKINANKARATRA | Antsirabe I<br>Antsirabe II<br>Antanifotsy<br>Ambatolampy<br>Betafo |
| BETSIBOKA | Maevatanana |
| BOENY | Mahajanga I<br>Mahajanga II<br>Marovoay |
| BONGOLAVA | Tsiroanomandidy |
| DIANA | Antsiranana I<br>Ambanja<br>Ambilobe |
| HAUTE MATSIATRA | Ambalavao<br>Ambohimahasoa<br>Fianarantsoa<br>Lalangiana |
| SAVA | Sambava<br>Andapa<br>Vohemar |
| MENABE | Miandrivazo |